

# REMERCIER QUELQU'UN /

## MISAOTRA OLONA

Anisan'ny sehatra tena miseho matetika indrindra eny amin'ny fiainana andavanandro ny fisaorana olona. Ity lesona ity dia natao hanomezana ireo fomba fiteny mahazatra sy faheno matetika rehefa misaotra olona amin'ny teny Frantsay.

### Remerciement / Fisaorana

Ireto no fomba fiteny ampiasaina rehefa misaotra olona amin'ny teny Frantsay:

- Merci / Misaotra
- Je vous remercie. / Je te remercie/ Misaotra anao
- Merci beaucoup / Misaotra betsaka
- Merci bien. / Misaotra indrindra
- Merci infiniment / Misaotra tsisy fetra
- Merci quand-même / Misaotra na dia izany aza
- Je suis reconnaissant / Mankasitraka aho

### Réponse au remerciement / Famaliana fisaorana

- Je vous en prie! / Je t'en prie / Tsy misy fisaorana
- De rien! / Tsy misy fisaorana
- Pas de problème! / Tsy maninona
- C'est un plaisir! / Tsy maninona mihitsy
- Inutile de remercier. / Tsy misy tokony hisaorana
- C'est vraiment peu de chose / Tena zavatra kely iny
- Pas de quoi! / Tsy maninona izany! (language courant)
- C'est tout à fait normal. / Ny tokony natao ihany no natao (courant)

### Phrases exemples reliées au remerciement / Ohatra fomba fiteny momba ny fisoarana

Ampiasaina aorian'ny fomba fiteny maneho fisaorana hatrany ny teny hoe "pour" ary na "de" arahan'ny anton'ny fisaorana.

- **Merci pour le cadeau.** / Misaotra tamin'ny fanomezana.
- **Merci pour ton aide.** / Misaotra amin'ny fanampianaao.
- **Je vous remercie pour votre attention.** / Misaotra naharitra nihaino.
- **Merci beaucoup pour le conseil.** / Misaotra anao be dia be tamin'ny torohevitra.
- **Je tiens à vous remercier pour l'accueil.** / Te hisaotra anao aho tamin'ny fandraisana.
- **Je ne peux pas vous remercier suffisamment pour cet accueil chaleureux /** Tsy haiko intsony izay fomba isaorana anao amin'ity fandraisana makotrokotroka be ity. (na fandraisana mafana)
- **Je suis reconnaissant de votre gentillesse.** / Mankasitraka anao aho tamin'ny fahatsoranaao.
- **C'est gentil de votre part de me conduire au travail.** / Arabakiteny: Tsara fanahy be ianao nanatitra ahy taty am-piasana tamin'ny fiara.
- **J'apprécie vraiment votre travail.** / Tena mankasitraka be ny asanao aho.

**cadeau:** fanomezana

**aide:** fanampiana

**attention:** fihainoana

**conseil:** torohevitra

**tiens à (v tenir à):** te

**acceuil:** fandraisana

**peux (v pouvoir):** afaka

**suffisamment:** ampy

**chaleureux:** mafana

**gentillesse:** fahatsorana

**conduire:** mitondra fiara, manatitra amin'ny fiara

**au travail:** am-piasana

**apprécier:** mankasitraka

**vraiment:** marina, indrindra

**travail:** asa

**jusqu'à ce que:** mandrapaha

**tendre:** malemy

**laisser mijoter:** avela hangotraka

**il faut:** tokony

**réchauffer:** manafana

**exprimer:** milaza, maneho

**gratitude:** fankasitrahaha

**soutien:** fanohanana

**pendant:** mandritra

**compétition:** fifaninanana

**aider:** manampy

**venu (v venir):** avy, tonga

**chez moi:** aty an-tanoko

- **Je tiens à exprimer ma gratitude** pour votre soutien pendant la compétition.  
/ Te haneho fankasitrahana aho noho ny fanohanaranareo nandritra ny fifaninanana.

Raha toa ka verb no manarakaraka ny "de", dia atao amin'ny endrika infinitif hatrany (tsy voatanisa)

- **Merci de** m'avoir aidé. / Misaotra nanampy ahy.
- **Merci d'être venu** à mon anniversaire. / Misaotra betsaka nanatrika ny fetin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahako.
- **Merci de** venir chez moi. / Misaotra nankaty amiko.

Anglais Français en Ligne